Organized Crime and Corruption Reporting Project

[Dikateny tsy officialy]

NY HOAVIN'NY ANDRAMENA LANY TAMINGANA ETO MADAGASIKARA

Nosoratan'i Khadija Sharife sy Edward Maintikely ny 17 Aogositra 2018

Ireo mpanondrana andramena eto Madagasikara dia tsy iza fa ny mpanolon-tsaina, sy ireo mpikapa hazo ary ny governemanta ihany. Tsikaritr'ireo mpanao gazety fa an-tapitrisany no vola azon'izy ireo amin'ny fanondranana an-tsokosoko mankany Sina ilay hazo mena tsy fahita firy.

Madagasikara, izay fantatra amin'ny anarana hoe "kontinanta fahavalo maneran-tany", dia paradisan'ireo mpandinika ny zava-boary. Maherin'ny 80 isan-jaton'ireo biby sy zava-maniry ao amin'izany Nosy izany no tsy hita na aiza na aiza maneran-tany.

Tafiditra ao anatin'ireo zava-maniry ireo ny karazana andramena roa lany tamingana. Tahaka ny fianakaviamben'ny "Dalbergia", izay manitra mamerovero, no sady miloko toa afo, ampiasaina amin'ny karazana fanaka mihaja no mahatonga ny andramenan'I Madagasikara ho sarobidy kanefa maharitra fotoana ela ny fitombony.

Indrisy fa tandindomin-doza ny andramenan'I Madagasikara. Maro amin'izy ireny no maniry any amin'ny toerana an-dalam-pandrosoana toy ny faritr'I Sava avaratra atsinanana, izay ny fanapahan-kazo no fidiram-bola iankinan'ny fivelomana. Ambaran'I Said Gilbert, mpanapaka andramena teo aloha, fa manodidina ny 2 na 3 dolara eo ho eo no vola azony avy amin'ny fanapahana hazo roa isan'andro.

Miezaka ny mamelon-tena I Gilbert. Na izany aza anefa, raha toa ka mivelona amin'ny vary sy henam-bibidia ny mponina eo an-toerana tahaka azy, ireo hazo 300 taona izay tapahiny kosa dia mitondra tombony aman'arivony dolara ho an'ireo mpandraharaha eo an-toerana sy any ivelany.

Maro amin'ireo mpanapaka hazo no tsy mihaona akory amin'ireo mpampiasa vola, sy mpandraharaha ara-barotra ary mpividy izany hazo izany, izay tsiriritin'ny maro ary mitentina 20.000 ka hatramin'ny 25.000 dolara ny iray taonina. Eny fa na ny vokatra voahodina aza – izay matetika no fanaka mihaja mampiroborobo ny firenena Sina – dia tsy mba hitan'izy ireo akory.

Fitadiavam-bola avo lenta ny fapanahana andramena eto Madagasikara. Araka ny tombatombana tamin'ny taona 2013, dia mitentina 250 ka hatramin'ny 300 tapitrisa dolara ireo hazo hafakely, indrindra indrindra fa ireo andramena, nahondrana an-tsokosoko hiala ny Nosy nandritra izany taona izany. Mampalahelo anefa fa vitsy dia vitsy ny tarehimarika azo itokisana taorian'izany.

Na ny antontan'isa mahakasika ny ala nosimbaina aza tsy fantatra intsony. Kanefa dia maro ireo fandripahana ala ateraky ny fiompiana sy fambolena sy ny fanapahana hazo. Ny rakitra miafina hitan'ireo mpanao gazety ohatra dia maneho fa lany tamingana avokoa ny 80 isan-jaton'ny gidro anaty ala, ireo karazana tsy hita afa-tsy ao Madagasikara irery ihany.

Izay rehetra mahakasika ny varotra andramena, manomboka amin'ny fanapahana ka hatramin'ny fanondranana, dia voararan'ny Lalàna maneran-tany momba ny karazana biby sy zava-maniry tandindomin-doza avokoa.

Miray tsikombakomba amin'ireo andrianan'ny hazo izay mandray tombontsoa avy amin'ny varotra an-tsokosoko anefa ny Governemanta Malagasy raha tokony hiaro ireo harena voajanahary.

Mba hahafantarana bebe kokoa ny mahakasika izany, dia niresaka tamin'ireo mponina eo an-toerana, nanadihady an-tsokosoko ny rakitra miafin'ny governemanta ary niseho ho solontena avy amin'ny mpividy Sinoa ireo mpanao gazetin'ny Tetikasa fitoriana kolikoly sy heloka bevava (OCCRP).

Naseho niaraka tao amin'ny fanadihadiana nataon'izy ireo ny fizotry ny raharaham-barotra andramena, sy ny fiarovana mahery vaika avy ao anatiny ny fitsoahan'ireo mpiray tsikombakomba ny fisavana. Anisan'izany no nahitan'ireo mpanao gazety ny fomba fanafenana ny endriky ny andramena amin'ny alalan'ny lavanila, iray amin'ireo vokatra mampidi-bola ho an'ny Nosy (izay tsy voafehin'ny lalàna).

Mandritra izany fotoana izany anefa dia tsy vonona ny hamantatra akory ny fetran'ny fanondranana andramena tsy ara-dalàna eo amin'ny Nosy ny Governemanta, fa mihevitra ny hamela izany hiato ho azy amin'ny fotoana mety.

Vokatr'izany, an'arivony ireo mandrava ny ala sy mikapa ny hazo sarobidy mba hampanankarena ireo mpitady tombontsoa, hany ka sombintsombiny ratsy sisa no tavela ho an'ny mpikapa.

Tsy misy fitoniana aorian' ny tafiotra

Mandray anjara lehibe eo amin'ny tontolon'ny politikan'ny fanajariana ny tany eo amin'ny firenena ny fanimbana ny ala maitso mavan'i Madagasikara.

Nanomboka tamin'ny fotoana niverenan'ny fahaleovan-tena tamin'ny taona 1960, dia nanjaka teto amin'ity firenena ahitana mponina 25 tapitrisa ity ireo Merina, izay vondrom-poko betsaka indrindra. Nifehy ny firenena nandritra ny ankamaroan'ny fotoanan'ny taona 2000 no mihoatra ny Filoha Marc Ravalomanana. Na dia nahitana fandrosoana ara-toekarena aza ny fitondrany, ireo vahoaka kosa dia nikononkonona fahatezerana manoloana ny kolikoly tsy mitsaha-mitombo sy ny fidiram-bola tsy mitovy.

Nipoaka tamin'ny alalan'ny fitokonana mahery vaika tany amin'ny toerana maro toy ny Sava, toerana ahitana morontsiraka midadasika sy valan-javaboarim-pirenena lehibe kanefa tsy dia mandroso loatra, izany hatezerana izany. Ireo no toerana hitobian'ireo "andrian'ny hazo", mpandraharaha malaza mpanondrana andramena an-tsokosoko efa an-taonany maro.

Nanomboka niakatra ny raharaham-barotra nanodidina ny taona 2007, indrindra taorian'ny nandravan'ny andian-tafiotra sy rivo-doza ny alan'I Madagasikara. Narararaotra izany toe-javatra izany ny sasany tamin'ireo mpivarotra hilazana fa avy tamin'ny hazo nianjera noho ny loza ara-boajanahary ireo tahirin-kazo tao aminy fa tsy noho ny fanapahana hazo an-tsokosoko tsy akory. Tsy ela akory dia voafandriky ny hatak'izy ireo ny Filoha Ravalomanana ka nanavaka manokana ireo mpivarotra 13 manana fifandraisana betsaka indrindra tamin'ny fanomezana azy ny fahazoan-dalana hanondrana hazo mianjera avy amin'ny loza voajanahary.

Niroborobo ny fanondranana. Nanodidina ny taona 2009 sy 2010, dia maherin'ny 1500 ireo kaontenerana hazo, izay mitentina 150 tapitrisa dolara, nahazo alalana hiondrana izay mifanohitra @ ny Lalàna iraisam-pirenena.

Tonga manan-karena tafahoatra ireo mpivarotra sasany. Misy aza no lasa mpanolo-tsaina, ka nanampy tamin'ny famatsiana ny fanonganam-panjakana nataon'ny miaramila tamin'ny volana Martsa 2009 nanonganana an'I Ravalomanana. Andry Rajoelina, ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra teo aloha, kosa no nandray ny fahefana ka tonga Filohan'ny governemanta tetezamita.

Nanomboka nieli-patrana teo ambany fahefany ny fanondranana hany ka na ny Soso-kevitra famahana olana ho an'ny vondrona Eoropeana aza dia nahatsikaritra "toerana lehibe fanafenana vakin'andramena lehibe tsy fantam-piaviana … tao amin'ny lapan'ny Filoham-pirenena".

Anisan'ireo manam-pahefana miandraikitra ny raharaham-barotry ny governemanta ny Ministry ny Vola Hery Rajaonarimampianina, izay nanao Sonia an-karihary ny fanondranana hazo nianjera noho ny rivo-doza. Rehefa foana ny governemanta tetezamita tamin'ny taona 2014, dia I Rajaonarimampianina no niditra teo amin'ny fitondrana, ary mbola eo izy ankehitriny.

Hatramin'ny niandohan'ny fitondrany dia tsy nitsaha-nitombo ny harenan'ireo andrianan'ny hazo, ary mifamatotra ety dia ety amin'ny indostrian'ny fitrandrahana ala ny fitondram-panjakana. Misy amin'ireo mpandraharaha ara-barotra ireo aza no tafiditra ao anatin'ny Parlemanta. Ny mpamatsy vola ara-politikan'ny Filoha teo aloha, Jean Laisoa, ohatra dia misolo tena ny faritra Sava niaviany ao amin'ny antenimieram-pirenena ary manana toerana ao amin'ny voamiera manara-maso ny harena an-kibon'ny tany, sy ny toe-bola ary ny rafi-pitsarana.

Tamin'ny alalan'ny rakitra miafin'ny governemanta no nahalalan'ireo mpanao gazety ny maha lohandohan'ny mpivarotra andramena an'I Laisoa. Nandà tsy haneho ny heviny mahakasika izany tantara izany izy, ary nanambara ny andraikiny saropady amin'ny maha "Tompon'andraikitry ny andramena sy mpanao politika am-perinasa" azy.

Ambaran'I Mamy Rakotoarijaona, Talen'ny fampandehanan-draharaha ao amin'ny valan-javaboarim-pirenena eto Madagasikara, fa tsy manana fitaovana na fahefana ara-politika mifanandrify amin'izany tombontsoa goavana izany ireo olona tokony hitandro ny ala. Ambarany ihany koa fa ireo tompon'andraikitra tsy manana fitaovam-piadiana izay tsy manana fahefana hisambotra ireo mpikapa hazo an-tsokososoko no hany mpiaro ny ankamaroan'ny ala, hany ka tsy tonga any amin'ireny toerana lavitra ireny ny fanampiana raha tsy afaka andro maromaro aorian'ny fahatongavan'ireo mpanondra an-tsokososoko.

Mandritra izany fotoana izany anefa ny Governemantan'I Rajaonarimampianina dia mbola tapa-kevitra ny hanome alalana ny fanondranana andramena hatrany.

Tamin'ny volana Aogosistra 2017 izany governemanta izany dia namolavola drafitra lamin'asa naroso nandritra ny fivoriamben'ny Fifanarahana iraisam-pirenena momba ny varotra karazan-java-maniry na biby tandindomin-doza (CITES) nandritra ny fivoriana tanterahana isan-taona, tao anatin'ny ririnina tao Zeneva. Ny tanjona dia ny ahafahana manondrana tahirin'andramena aman'hetsiny mba ahazoana vola hiarovana ny ala eto amin'ny Nosy.

Kanefa nisy olana iray monja: ny sasany tamin'ireo mpikambana ao amin'ny CITES, toy ny Etazonia manokana, dia nanontany mahakasika ny fomba hanavahana ireo tahirin'andramena nianjera taorian'ny loza ara-boajanahary amin'ireo nokapain'ny mpikapa an-tsokososoko.

Noho izany, nambaran'ny governemantan'I Rajaonarimampianina araka ny fanomanana nataony ho an'ny fihaonamben'ny CITES fa tsy miandraikitra loatra ny fanarahana maso ny tahirin'andramena eto Madagasikara izy.

Mitana ny fampanantenana

Fifanekena iraisam-pirenena niorina nanomboka tamin'ny taona 1975 ny CITES. Ny tanjony voalohany indrindra dia ny hahazoana antoka fa tsy mahatonga ny tontolo iainana na ny biby izay miankina amin'izany ho lany tamingana ny fanondranana ireo harena voajanahary sy ny biby an'ala. Tsy voatery

manatrika ny CITES mandrakariva ny governemanta, saingy mamatotra azy ny Lalàna iraisam-pirenena. Karazana andramena maro (ireo karazany antsoina hoe “Dalbergia”) no voaaro eo ambany fifaneken’ny CITES. Hatramin’ny taona 2013 no niandohan’ny fandraran’ny CITES ny fivarotana andramena rehetra avy ao Madagasikara.

Fantatry ny mpanao gazety fa herinandro talohan’ny fivoriambe dia nandany 250.000 dolara hanaovana fanamarinana ireo tahirin-kazo miisa 300.000 ny Sampan-draharaha mpandrindra iraisan’ny Ministeran’ny governemanta. Ireo hazo ireo no nokendreny hovarotana ka nohezahany horesen-dahatra ny amin’izany ny CITES saingy tsy nety.

Kanefa araka ny tahiry miafin’ny governemanta, dia tompon’ny tahirin-kazo miisa 10 monja tao anatin’ny 101 no namela ny mpanara-maso hiditra tao amin’ny toerana misy azy.

Miaro mafy ny hazony ireo olona ireo, ary manakarama mpiambina na polisim-pirenena aza indraindray – 80 ka hatramin’ny 100 dolara isam-bolana, mba hiambina izany.

“Eny tokoa”, hoy ny nambaran’ny mpanao gazety, “maro amin’ireo tahirin-kazo ireo no tsy voafehin’ny governemanta”.

Tsy ananan’ ny governemanta akory ny tarehimarika marina maneho ny isan’ireo hazo ireo. Ireo zandary mitoby ao Sava, ireo mpanondrana andramena ary ireo tompon’andraikitra eo anivon’ny governemanta dia manambara amin’ny mpanao gazety avokoa fa efa manana fahazarana mampitombo ny isan’ny tahirin-kazo marina misy ao aminy ireo orinasa – mba ahafahana manampy hazo hafa ao aoriana.

Ankoatra izany, asehon’ny tahirin-kevitry ny governemanta fa ampahatelony monja amin’ireo tahirin-kazo misy ao aminy no ampahafantarin’ireo tompon’ny tahirin-kazo miisa 101 izay fantatra amin’ny fomba ofisialy.

Avy any an’ala mankany an-dranomasina

Mba ahitana ny fomba fiasan’ireo mpanondrana andramena ireo, dia namorona orinasa sinoa sandoka antsoina hoe “Imperial Africa Trading” tsy mandoa hetra any amin’ny Emirà Arabo Mitambatra (UAE) ny mpanao gazety. Misolo tena izany izy ireo eo am-piresahana amin’ity mpanondrana andramena anankiray fantatra amin’ny anarana hoe “Grand maître” (big boss) izay mampiasa ny tambazotran’ny orinasa manerana ny Nosy.

Ambaran’ilay mpanondrana, izay tsy azo ampahafantarina ny anarany ho fiarovana azy, fa 80 isan-jaton’ny andramena ahondran’ny tambazotrany – ary ny ankamaroan’ny mpanjifa azy dia Aziatika avokoa – no nokapaina mivantana avy any an’ala, fa tsy avy amin’ny tahirin-kazo tsy akory.

Ambarany fa tsara kokoa ireo hazo vao nokapaina, satria ireo tahirin-kazo dia efa simban’ny halavam-potoana sy ny mari-doko natao taminy, izay hanehoana fa efa tratran’ny governemanta izany hazo izany.

40 isan-jaton’ny vidiny no alohan’ny mpanjifa mialoha. Ka izany no antoka hananan’ny tambazotra vola mandrakariva mba ahazoana maka hazo vaovao sy mitondra izany any amin’ny seranan-tsambo.

Ny vidin’ny andramena dia tsy miankina amin’ny hatsaran’ny kalitaony irery ihany, fa miankina amin’ny loza mety ateraky ny fanondranana izany ihany koa. Mihena atsasany na ampahatelony izany raha toa ka manana fiarovana manokana eto an-toerana na namana ara-politika manana fahefana manome antoka ny fanondranana izany ny mpividy. Ary maro amin’ireo mpividy Aziatika no manana izany – maneho ny halehiben’ny fahafahany miditra ao anatin’ny toe-karena sy ny sehatra politika eto Madagasikara izany.

Manolotra fomba fandoavam-bola hafa sy miafina kokoa ireo mpanondrana, ahafahan'ny mpividy mandefa ny vola ao amin'ny kaontin'ny orinasa mpampiasa vola sy mpanao entam-barotra ara-dalàna antsoina hoe "Mercathon Capital". (Tsy namaly ny fanontaniana sasany napetrakay taminy io orinasa io).

Tsy mandeha mivantana any Azia tsy akory ny andramena rehefa ahondrana. Fa mankany amin'ny toeran-kafa aloha – ary faly mihitsy ilay mpanondrana nitantara izany tetika samihafa izany.

Anisan'ny fomba fanao ihany koa ny mampiasa ireo seranan-tsambo lehibe kokoa any amin'ny toeran-kafa toa ny nosy Maorisy na Mombasa any Kenya. Koa satria ampy fitaovana tsara ireny toerana ireny ahafahana misava ny fitaterana entana, dia tsy maintsy misy tambazotra manampy eo an-toerana mba hanakanana ny fisavana rehetra.

Fomba iray hafa ihany koa ny mandefa ny hazo any amin'ny seranan-tsambo tsy dia mangarahara eo anivon'ny ranomasimbe Indiana toy ny "La Réunion", "Mayotte" ary Kaomoro, mba hanamorana ny famindrana azy anaty sambo sy hanafenana ny firenena niaviany.

40 isan-jaton'ireo mpanondrana hazo ara-dalàna eto Madagasikara no milaza fa ny nosy Maorisy no toerana fanondranan'izy ireo izany. Kanefa araka ny tatitra momba ny entam-barotra avy amin'ny firenena mikambana (UN), dia sarotra ny ahafahana mino fa ireo hazo ireo dia tena nandalo ara-bakiteny tokoa tao amin'izany toerana izany. Paradisa ara-ketra izany Nosy izany, ka izay no mahatonga azy ho toerana sahaza hanondranana entam-barotra any amin'ny toeran-kafa.

Manaisotra ny andramena eto amin'ny Nosy

Ahoana tokoa no niandohan'ny fialan'ny andramena teto Madagasikara?

Ambaran'ny mpivarotra andramena fa aleon'ireo mpanondrana an-tsokosoko ireo mampiasa seranan-tsambo kely kokoa izay tsy manana fahafahana betsaka hanara-maso ny fanondranana. Ireo sambo lehibe mantsy dia tsy afaka miditra eo amin'ny seranan-tsambon'I Madagasikara akory. Noho izany, ireo sambo kely no ampiasaina hitondrana ny hazo miala eto, mba hisorohana ny tsy maintsy hiraketana ny fitaterana sy ny fanondranana entana hiditra ny seranan-tsambo.

Hamafisin'I Ndranto Razakamanarina, Filohan'ny "Alliance Voahary Gasy", fikambanana tsy miankina miaro ny tontolo iainana eo amin'ny Nosy, izany; ambarany koa fa ireo sambon'ireo tambazotran'ny mpanondrana an-tsokosoko dia manasarotra ny fahalalana mikasika ny fanondranana.

Ho fanampin'izany, dia ambaran'ny tompon'ny tahirin'andramena milanja 200 taonina (10 kaontenera eo ho eo) tamin'ny mpanao gazety fa maro amin'ireo andrian'ny hazo no manana na mifehy ny orinasa mpanondrana, ka manamora ny fihazonana izany ho tsiambaratelo.

Na inona na inona kompaniam-pitaterana, dia mampatahotra mandrakariva ny fanondranana andramena an-tsokosoko rehefa tonga eny am-povoan-dranomasina. Raha toa ka tratran'ny manam-pahefana any ivelany ny hazo, dia very vola ireo mpanondrana an-tsokosoko ireo ary azo antenaina ny tsy hiverenan'izany intsony. Kanefa "ivelan'I Madagasikara irery ihany no hitrangan'ireo olana ireo", hoy Razakarimanarina.

Raha ny eto amin'ny Nosy no asiana resaka, dia miaro azy ireo amin'ny fanaraha-maso ny fahafantarana olona. "Mila manana namana mpanao politika fotsiny ianao", hoy ny nambarany tamin'ny mpanao gazety. "Miantso indray mandeha monja any amin'ny biraon'ny Filoham-pirenena ianao dia mitovy amin'ny raharaham-barotra toy ny mahazatra ihany izany."

Raha ny momba ny toerana hiaingana indray, dia nanoso-kevitra ny mpanondrana fa Vohemar, seranan-tsambo kely ao Sava, no azo antoka kokoa raha oharina amin' ilay seranan-tsambo lehibe ao amin'ny tanànan'ny Toamasina (fantatra amin'ny anarana "Tamatave" ihany koa). Mba hampilamina ny fitaterana, hoy izy, dia ampahafantarina ireo olom-pantany rehetra ao amin'ny "Polisy, miaramila, fadintseranana" ary ireo "lehiben'ny faritra" manan-danja ny momba ny andro hanaovana izany – ka tsy maintsy omena ireo antoko rehetra ireo ny vola sahaza azy tsirairay.

Na eny anivon'ny seranan-tsambo lehibe aza dia mbola manano-sarotra ho an'ny manam-pahefana mandrakariva ny mahafantatra izay rehetra miditra sy mivoaka.

Maro amin'ireo seranan-tsambo eto Madagasikara no saika tsy manana fahafahana hanara-maso ny fivezivezena an-dranomasina, araka ny nambaran'ny mpiasa iray ao Toamasina. Eny, mbola voafetra ihany izany na dia anisan'ireo seranan-tsambon'ny Nosy tsara indrindra aza.

Voafetra ny toerana rakofan'ireo antenin'ny seranan-tsambo, izay natao handray fanairana avy amin'ireo sambo vao tonga. Raha toa anefa ka mamono ny onjam-peony ireo sambo ireo, dia tsy ho fantatry ny antenina, novidian'ny manam-pahaizana manokana momba ny fanaraha-maso any Soisa (SGS), ny fahatongavan'ny sambo iray ao an-dranomasiny.

Na izany aza mbola manizingizina tamin'ireo mpanao gazety ireo manam-pahefana fa voafehy ny seranan-tsambon'I Toamasina ary ny 100 isan-jaton'ireo sambo miainga rehetra dia voasava avokoa. Nanangana fiaraha-miasa amin'ny sehatra miankina sy tsy miankina amin'ny SGS ny governemanta tamin'ny taona 2006 mba hanatsaràna ny fisavana ny kaontenera fitaterana ho fanampin'ny fisavana hentitra mivantana.

Fiandohana tsara izany, kanefa mazava loatra fa tsy ampy. Mbola mamakivaky toerana lavitry ny ala niaviany hatrany ireo andramena ao Madagasikara.

Fomba iray ampiasain'ny mpanondrana ny fanafenana ny fanondranana izany amin'ny alalan'ny lavanila, izay iray amin'ireo fanondranana ara-dalàna ahazoam-bola eto amin'ny Nosy. Nampirisika ny fampiasana ity fomba iray ity ny mpanondrana andramena niresaka tamin'ny mpanao gazety manafina ny momba azy, dia tsy inona izany fa ny fampiasana mpanondrana zava-manitra iray antsoina hoe "Girovani".

Hazavainy fa rehefa ahondrana ny hazo, "ny (vidin'ny) fitaterana entana dia omena ny anarana 'Lavanila avo lenta & sarany ambony' eo amin'ny taratasy mahakasika ny fanondranana" ary tsy maintsy asiana lavanila tena izy ao anaty entana.

Izay ahitana ny hamamin'ny tombony

Rehefa nanadihady mivantana ny "Girovani" ny mpanao gazety, dia nandà ny fifandraisany amin'ny fanondranana andramena izy ireo, ka nanambara fa "tsy mitombona" avokoa ireo fanambarana rehetra momba azy, ary na "ny entam-barotra andramena aza dia tsy misy akory". Minitra vitsy taorian'izay, dia nakaton'ny orinasa ny adiresy mailaka ahazoana azy.

Kanefa, tao anatin'ny taratasy nalefany ho an'ireo mpanao gazety miafina no nanamafisan'ny "Girovani" ny toro-hevitra avy amin'ny mpanondrana, manao hoe "Ambaranay etoana fa azonay atao ny miantoka ny fanondranana ny entana … amin'ny alalan'ny anarana hoe lavanila". "Mazava ho azy fa ilay noresahintsika tao anaty mailaka (andramena) no entana tena izy ahondrana any amin'ny mpanjifa."

Inona no antony nifidianana ny lavanila?

70 isan-jaton'ny lavanila maneran-tany no avy eto Madagasikara, ary ny ankamaroan'izy ireo dia avy any Sava. Ireo mpanjanan-tany Frantsay dia namboly saha famokarana lavanila izay mamokatra ho an'ny mpahandro sakafo, toeram-pisakafoanana ary mpamokatra manerana izao tontolo izao ankehitriny.

Tsy nitsimbina ny fambolena lavanila ny loza voajanahary izay nandringana ny alan'ny Nosy. Lasa lohatenim-baovao maneran-tany ny "tsy fahampian'ny lavanila", araka ny fampitam-baovao, ary nampidangana ny vidin'ny kilaon'ny voana lavanila avy amin'ny 20 dolara ho tonga 600 dolara . Manakaiky ny vidin'ny volafotsy ankehitriny ny tsenam-bolan'izany iraisam-pirenena.

Tahaka ny andramena, ny tombontsoa azo avy amin'ny lavanila dia tsy nitsaha-nitombo ho an'ny mpandraharaha, saingy tsy ho an'ny mpamboly izay mijinja izany.

Misy amin'ireo mpanondrana andramena no nilaza ny mpanao gazety fa niala tamin'ny tahirin'andramena ka niditra tamin'ny fanondranana ahazoam-bola mitovy aminy ihany kanefa tsy mampatahotra loatra dia tsy inona fa ny lavanila.

Na izany aza, tsy dia misaraka loatra ireo raharaham-barotra roa ireo, araka ny fanazavana ao anatin'ny taratasy avy amin'ny Filoha Rajaonarimampianina.

Araka ny tahirin-kevitra voarain'ny mpanao gazety, nangataka ny Fikambanan'ny Banky eto Madagasikara mba hanokatra indray ny kaontin'ny mpanondrana andramena sy mpamatsy vola tsy ara-dalàna any amin'ny faritra Sava I Rajaonarimampianina – Minisitry ny Vola fahiny, ary nampitandrina ny mety hisian'ny "vokatra mahatsiravina" eo anivon'ny toe-karena eo an-toerana raha to aka tsy atao izany.

Hazavainy fa "mpanondrana lavanila avokoa ny ankamaroan'ireo (mpanondrana andramena ireo), ka mandray anjara lehibe amin'ny famatsiana ny fijinjana isaky ny fotoam-pamokarana."

Noho izany, nosoratany fa mety hamotika ny fanondranana lavanila ny fanakanana ny kaontiny tsy hiasa, ka namarana izany tamin'ny fanehoana ny fifaliany raha toa ka "manome azy ireo ny kaonty ilainy (mpamatsy vola ho fanondranana ny andramena) @ asany" ny banky.

Raha fintinina, dia niaiky izy fa mandray anjara lehibe amin'ny fanondranana andramena an-tsokosoko ihany koa ireo mpiantoka ny fanondranana lavalina.

"Tsy azonao atao ny milaza fa avy amin'ny lavanila na andramena ny vola, satria mitambatra izany", hoy ny fanazavan'ny mpanondrana manana tahirin'andramena 200 taonina. "Maro amin'ireo mpanondrana andramena an-tsokosoko ireo" no manondrana azy roa.

Tsy kisendrasendra noho izany no mahatonga ny nosy Maorisy, izay mody ambara ho toerana handefasana ny fanondranan-kazo avy eto Madagasikara, ho tetezamita lehibe ho an'ny lavanila.

Ny filàn'ireo Sinoa

Misy antony ny nahatonga ny mpanao gazety hanafina ny tenany ka hilaza fa avy amin'ny orinasa Sinoa. Mandoa vola betsaka ho an'ny fanaka mihaja fantatra amin'ny anarana "Hongmu", matetika no vita sokitra tsara araka ny didin'akanjon'ny taranaka mpanjaka Sinoa, ireo manan-kaja eto amin'ny firenena.

Araka ny tatitra, dia mitentina 1 tapitrisa dolara ny vidin'ny fandriana iray vita avy amin'ny andramena. Koa satria tsy hoe tsy ara-dalàna avokoa tsy akory ny andramena rehetra ahondrana, noho izany nanao ny fomba hanakanana ny famoahana saina mena izy ireo tamin'ny alalan'ilay fomba fiteny Sinoa manjavozavo "紅木" ("Andramena") apetraka eo ambonin'ilay fanaka.

Nahatratra ny morontsiraky Afrika ny haza andramena tahaka ny nanombohan'ny fikapana ny alan'andramena voaaro tao Azia atsimo-atsinanana mba hanome fahafaham-po ny filàn'ny Sinoa. Ary tamin'ny taona 2012, dia 60 isan-jaton'ireo andramena tonga tao Sina no avy amin'ny kontinanta avokoa.

Nambaran'ny iray tamin'ireo tompon'ny tahirin'andramena tamin'ny mpanao gazety fa, "Mandefa olona hiresaka amiko ny Sinoa". "Misy Malagasy (teratany Malagasy) manelanelana anay sy ny Sinoa, izay mandray tambiny tahaka ny mpiantoka." "Vola vahiny no hanakaramana" azy amin'izany asa izany.

Aorian'ny fandaozany an'I Madagasikara ka ahondrana any amin'ny Nosy kely eo amin'ny ranomasina manodidina, dia indro fa taterina any amin'ny toerana samihafa any Azia atsinanana ireo hazo mialohan'ny ahatongavany any Sina. Ny sasany amin'ireo firenena ireo, toy ny Hong Kong sy Singapaoro dia paradisa ara-ketra miafina. Ny sasany indray toy ny any Birmania, Laos, sy Vietnam dia fantatra fa tsy sarotiny amin'ny lafiny fitaterana an-dranomasina.

Rehefa misy vidiny ny fahanginana

Tamin'ny fiandohan'ity volana ity, dia namorona fitsarana manokana hanaovana fanadihadiana mahakasika ny fanondranana andramena an-tsokosoko ny governemanta Malagasy, izay heverin'ny sasany ho mahasoa, fa raisin'ny ho fanararaotra". Eo anelanelan'izany anefa dia mbola mitohy haingana hatrany ny fanaovana antsojay sy fanenjehana ireo mpikatroka mafana fo: "Amin'ity vola Jona ity, ny fitsarana dia manameloka sy mampandoa onitra an'I Christopher Magnenjika, izay mpanao "fikomiana" sy miteny ratsy ny tompon'andraikitra". Mpikatroka mafana fo miaraka amin'ny Lampogno, Fikambanana tsy miankina any amin'ny faritra avaratra atsinanan'ny firenena miady amin'ny fanondranana harena voanjanahary an-tsokosoko, i Magnenjika.

Ambaran'I Makmid Kamara, Filoha ao amin'ny "Amnesty International" tao anaty fanambarana voaomana fa, "Misy fitoviana manaitra eo amin'ny toe-java-nitranga tamin'I Christopher sy ireo mpikatroka mafana fo hafa teto Madagasikara, izay nisedra fiampangana fa "mpikomy" ho fampanginana azy ireo.

Manakaiky ny fifidianana mafotaka

Mpivaron-kazo maromaro, sy ireo tompon'andraikitra avy ao amin'ny Ministeran'ny tontolo iainana izay nisafidy hanambara ny zava-miafina, no nilaza tamin'ny mpanao gazety fa manantena ny fitomboan'ny fanondranana andramena an-tsokosoko mialohan'ny fifidianana amin'ny volana Novambra izy ireo.

Mety ho fifidianana mafotaka izany miaraka amin'I Rajoelina izay nanambara ny firotsahany ho Filoham-pirenena sy ny Filoha teo aloha Ravalomanana nodimbiasiny.

Nanamafy ny fikendren'ny mpamatsy volan'ireo antoko mpanohitra ny Filoha am-perinasa Rajaonarimampianina, toy ny mpanapitrisa Mamy Ravatomanga (izay tafiditra tao anaty fanondranana andramena an-tsokosoko, na dia nandà izany mandrakariva aza izy).

Kanefa toa very fahefana ny Filoha. Namoaka didy momba ny fanendrena Praiministra vaovao mba hanara-maso ny governemanta mandrapahatonga ny fifidianana ny Fitsarana Avo Momba ny Lalàm-panorenana ao Madagasikara. Hataka miisa 53 avy amin'ny parlemantera no nanaraka ny fanapahan-kevitry ny fitsarana mba hialan'ny Filoha taorian'ny nahafatesan'ny mpanohitra maromaro vokatry ny fanoheran'izy ireo ny lalàm-pifidianana, izay milaza fa mpitsikera an'I Rajaonarimampianina.

Mifanohitra amin'izany, ny Filohan'ny "Alliance Voahary Gasy" Razakarimanarina, dia nanazava tamin'ny mpanao gazety fa taorian'ny nampibaribariany ny andrian'ny andramena, dia vitan'ireto farany voampanga ireto ny nanafoana ny olana tamin'ny alalan'ny fiantsoana an-tariby vitsivitsy mpanao politika.

Roger Pierre Ralala, Sekretera Jeneraly ao amin'ny biraon'ny Filoham-pirenena, ary ireo solontenan'ny biraon'ny Praiministra dia nanokatra ny mailaka avy amin'ny mpanao gazety izay mangataka ny fanehoan-kevitr'izy ireo mahakasika ity raharaha ity, saingy tsy namaly akory. Nandà tsy hiresaka ihany koa ireo manam-pahefana ambony hafa.

Eo anelanelan'izany, manova fiainana hafa ireo mponin'ny Faritra Sava, araka ny nambaran'I Gilbert izay niezaka niaina tamin'ny zay kely azo avy amin'ny fanapahana andramena. Rehefa natahotra ny ho voarohirohy amin'ny heloka bevava sy ny tsy fanarahan-dalàna aterak'izany izy, dia nilaza fa niova asa vaovao.

Sarotra ny mahazo izany ho an'ireo mponina any amin'ny tanàna kely eto Madagasikara.

Ambaran'I Razakamanarina, mpiady amin'ny kolikoly, fa kely ny ho fiantraikan'ny famoretana ny fanapahana andramena an-tsokosoko, raha tsy mampandroso ny any ambanivohitra sy manome fanantenana tsara kokoa ny vahoaka ny governemanta.

"Asehon'ny tantara fa tsy afaka miala amin'ny fatoran'ireo andrian'ny "mafia" izay nanampy ny Filoha nifanesy tamin'ny fiakaran'ny politikany sy nihazona azy ireo teo amin'ny fitondrana izy ireo," hoy izy am-pisentoana. "Efa namidin'izy ireo dieny mialoha ny harenan'ny firenena."

Miaraka amin'ny tatitra fanampiny nataon'i Stevan Dojcinovic

SARY 1. Tahirin'andramena ahondrana any amin'ny faritra Sava Madagasikara. Naka ny sary: OCCRP

SARY 2. Mpanapaka andramena any amin'ny faritra Sava, Madagasikara. Naka ny sary: OCCRP

SARY 3. Mihaona amin'ireo mpanohana ao amin'ny foibem-pifidianana ao Tsimbazaza, distrikan'ny renivohitr'I Madagasikara, Hery Rajaonarimampianina nandritra ny fihazakazahana ho amin'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny taona 2013. Naka ny sary: Thomas Mukoya/Reuters

SARY 4. Lakana eo amin'ny amoron-dranomasin'ny faritra Sava, ilay fitondrana andramena avy any amin'ny valin-javaboarim-pirenena eo akaiky eo. Naka ny sary: *Khadija Sharife / OCCRP*

SARY 5. Mampiditra lavanila ao anaty fonosana ny mpiasa ao amin'ny orinasa mpamokatra zavamanitra any Prova, Madagasikara, 2006. Naka ny sary: Barry Callebaut / Flickr

SARY 6. Andramena voakapa an-tsokosoko miafina ao amin'ny lakandrano eo ambany sosona hazom-boanio, Madagasikara. Naka ny sary: OCCRP

SARY 7. Andramena voakapa an-tsokosoko, maneho ny loko mena toa afo miavaka eo amin'ilay hazo, any amin'ny valin-javaboarim-pirenena any Marojejy, Madagasikara, 2009. Naka ny sary: *Wikimedia Commons*